


# ALAHADY TRINITE MASINA - TAONA D2019



« Fa rehefa tonga ny Fanahy fahamarinana, dia Izy no hitari-dalana anareo amin'ny marina rehetra » (Jo. 16: 13)

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alahady lasa teo isika nankalaza ny Pantekôty dia nilaza hoe enga anie ny fankalazana izany hahatsapantsika ny asan'ny Fanahy Masina izay mampiombona antsika

amin'Andriamanitra ka mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra ao amin'ny Trinité Masina.

Izany no ankalazantsika rehefa mandray ny batemy isika satria mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra. Ny Fanahy masina no mankahery antsika ka na dia eo aza ny olana maro mety mitranga amin'ny fainantsika ka mahavery fanantenana antsika dia matoky isika satria ny

Fanahy nanangana an'i Jesoa ho velona no ato amintsika koa ka feno fanantenana isika ary hamafy izany eo amin'ny mpiara-belona amintsika na dia maro ny manahirana sy ny mahakivy noho ny fanentanan'ny Fanahy Masina. Maniraka antsika izy ho mpamafy fiadanana satria ao amintsika ilay Fanahy Masina mampiombona antsika amin'Andriamanitra dia ilay Fanahy Fitiavana.

Amin'izao Alahady ankalazantsika ny Trinité Masina Andriamanitra tokana olona telo, marina tsy takatry ny saintsika izany matetika fa mahatoky ny fahasoavan'Andriamanitra isika. Ny Trinité Masina no mampiavaka ny fivavahantsika, ny fivavahana hafa dia tsy mankato izany Andriamanitra tokana fa olona telo : Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Tsy hoe zarazaraina Andriamanitra, tokana izy fa olona telo izay miombona amin'ny Ray ka ankalazantsika manaraka ny pentekôty, hahafahantsika

Vakiteny I : Oh. 8, 22-31

Tononkira : Salamo 8

Vakiteny II : Rôm. 5, 1-5

Evanjely : Jo. 16, 12-15

tokoa mibanjina an'izay Trinité Masina izay, ary ny Fanahy Masina ao amintsika no hahafantarsika sy handraisantsika ny Trinité Masina araky ny fampianaran'i Jesoa "ho avy ny Fanahy Masina hanampy anareo hahatsapa zavatra maro mbola tsy fantatrareo".

Inona no hahafahana mampisongadina ny "Tokana olona telo", dia tsy inona fa Andriamanitra Fitiavana, fivelomana izany no ambaran'ny fiombonan'ny Trinité Masina dia ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina. Manambara izany fivelomana ny fitiavana izany koa ny famantarana ny hazo fijaliana, ataontsika rehefa hanomboka vavaka isika "Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina", rehefa mamarana ny vavaka isika dia ataontsika koa ny "Voninahitra anie ho an'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina" satria ao amin'ny Trinité Masina ny voninahitra.

Ankalazantsika androany ny Trinité Masina. Marina fa isaky ny mivavaka isika dia mibanjina ny Trinité Masina fa tian'ny Eglisy kosa androany andro manokana ankalamana ny Trinité Masina handinika izany mistery lehibe mampiavaka antsika amin'ny finoana hafa ary ao no hanovozantsika ny maha Kristianina antsika, izany no maha Eglisy antsika dia ny fiainantsika miaraka amin'ny Trinité Masina. Tsy takatry ny saintsika olombelona izany fa ny fahasoavan'Andriamanitra no miaraka amintsika. Ao amin'ny vakiteny voalohany talohan'ny fisian'ny tany dia efa nisy ny fahendrena "*Izao no lazain'ny Fahendren'Andriamanitra: Nanana ahy hatramin'ny fiandohan'ny lalany ny Tompo, dia talohan'ny asany ela indrindra. Efa niorina hatramin'ny mandrakizay aho, hatramin'ny voalohany, talohan'ny niandohan'ny tany*".

Mifototra amin'ny Andriamanitra tokana olona telo ny vakiteny androany izay manampy antsika handalina bebe kokoa fa fiombonona ny Trinite Masina Iray ihany izy Andriamanitra tokana fa tsy azo sarahina nefo olona telo satria Ray, Zanaka Fanahy Masina, Ray be famindram-po, Zanaka ilay nanambara ny Ray ary ny Fanahy Masina ilay noraisintsika ka mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra ho oloaraiky ao aminy. Izany no mahatonga antsika miombona tanteraka ao amin'ny Trinité Masina.

Miombona vavaka isika amin'ireo fikambanana relijiozy ambany fiarovan'ny Trinité miasa eto amin'ny diosezintsika izay mizara ny fiombonana ao amin'ny Trinité Masina entanin'ny Fanahy Masina.

Ry Andriamanitra Ray ô, ankalamainay anio tokoa Ianao fitiavana Andriamanitra tokana fa olona telo, ny Trinité Masina, miray Fo izahay Kristianina rehetra, mirary Fo miombona amin'ny Trinité Masina ka arotsahy aminay ny fahasoavana mba hahafahanay history amin'ny fiainanay manontolo fa fianakaviamben'Andriamanitra izahay, Eglisy Olona Velona manorina Eglisy Tranon'Andriamanitra, hanjakan'ny fifankatiavana.

Ry Ray Zanaka Fanahy Masina, ampio izahay hampiray ny olombelona rehetra ao amin'ny Fitiavanao ka hirodana ny fizazarana rehetra sy ny efitra vokatry ny fahotana ho potika, enga anie ho oloaraiky ao aminao izahay ary ny fitiavanao hanentana anay mandrakariva ka hahatonga anay ho fanasina sy fahazavana ka ho zary Kristy mpiara-belona tokoa eo amin'ny manodidina anay. Amen